



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA



**REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY
TAONA 2020**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-73

**TATITRA NATAON'NY VAOMIERAM-PIRENENA MAHALEOTENA
MIARO NY ZON'OLOMBELONA (CNIDH)**

Fivoriana faha-19
Natao ny
Alarobia 17 Jona 2020
- Atoandro -

FIVORIAMBE

FILOHA : Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

MPITANTSORATRA : Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina

FOTOANA : Alarobia 17 Jona 2020 tamin'ny 11 ora sy 40 minitra, atoandro.

FANDAHARA-POTOANA: Tatitra nataon'ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena Miaro ny Zon'olombelona na ny CNIDH.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Ramatoa Filoha dia nanambara ny fitohizan'ny fivoriana ary niangavy ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana.

Nanatontosa izany, Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina, Mpitantsoratra.

Taorian'izay, nampahatsiahy, Ramatoa Filoha, fa ny andininy faha-19 ao amin'ny Lalàna laharana faha-2014-007 no anton'izao tatitra atao izao satria io lalàna io no nananganana ny CNIDH, tamin'ny taona 2014.

Rehefa izany, avy hatrany dia nomeny ny Filohan'izany vaomiera izany ny fitenenana.

Nisaotra azy tamin'ny fanomezana fitenenana, Ramatoa RABENORO Mireille, Filohan'ny CNIDH ary nilaza fa ireo zavatra nisongadina tamin'ny taona 2019 no hotaterina eto.

Tamin'ny volana Martsa 2019, nahazo fankatoavana tamin'ny sehatra iraisam-pirenena na "accréditation" ny CNIDH ary nahazo ny Sata A= manaraka ny fenitra iraisam-pirenena avy tamin'ny GANHRI na ny "Global Alliance of National Human Rights Institutions- Alliance Mondiale des Institutions Nationales de Droits de l'Homme). Sambany no nahazo an'io teo amin'ny sehatra iraisam-pirenena isika hatramin'izay.

Tamin'ny volana Aprily sy Oktobra 2019, nandao anay tampoka noho ny aretim-po ny Kaomisera roa: Andriamatoa RASAMOELY Andrinirainy, miandraikitra momba ny zon'ny ankizy sy Andriamatoa RAKOTONIRINA Andry, nisolotena ny Fiaraha-monim-pirenena. Izy ireo dia samy voafidy teo anivon'ny Fiaraha-monim-pirenena avokoa.

Tamin'ny volana Novambra 2019, nandray anjara tamin'ny tatitra na ny "Examen Périodique Universel" (EPU) tany amin'ny Firenena Mikambana (Filankevitra momba ny Zon'olombelona (Genève) ny CNIDH. Isika eto Madagasikara no nanaovana "Examen Périodique Universel". Nambara tamin'io ny olana mikasika ny fanajana ny zon'olombelona eto Madagasikara.

Fanamarihana momba ny "Examen Périodique Universel" na ny EPU, talohan'ny hiandraiketany ny fanamarihana farany na ny "observations finales" mikasika ny EPU eto Madagasikara dia nangatahan'ny Filankevitra momba ny Zon'olombelona any amin'ny Firenena Mikambana ny CNIDH hanasongadinana ny teboka telo izay heveriny fa fanitsakitsahana ny zon'olombelona mendrika hotsipihana araka ireto avy izany:

Ilana fanatsarana ny teo-piainan'ny olona voafonja satria maro loatra izy ireo.

- Ny antony, maro no nampidirina am-ponja vonjimaika; noho izany betsaka no miandry fitsarana noho ny efa voatsara.

Tsy maharaka ny fitsarana ka maro no voatazona am-ponja mihoatra lavitra ny fe-potoana tokony hitazonana azy vonjimaika.

Mahalana vao misy mahazo fahafahana vonjimaika (liberté provisoire).

- Vokany:

Tsy maharaka ny sakafo. Ny tsy fahampian-tsakafo no miteraka aretina. Mitovy zo amin'ny olona rehetra ny voafonja saingy noho izy voatana any am-ponja ihany.

Ny toerana iainana tsy sahaza olombelona. Tokony ho olona folo no ao anatin'ny. Misy olona manontany hoe, nahoana ny olona etỳ ivelany no tsy voakarakara fa ny voafonja indray no jerena.

Tsy ampy ny rano hidiovana.

Maro ny voafonja tsy nahavanon-doza akory. Rehefa voamarin'ny fitsarana izany, saziana sazy mihantona mihoatra kely ny fotoana efa nitazonana azy any am-ponja ny voampanga mba tsy hampikomy ny olona.

Ingahy Raleva izay nitarika olona hanao fihetseham-bahoaka ampilaminana tany Ivohilava, Mananjary dia notazonina am-ponja vonjimaika 2 volana vao notsaraina. Tsy nisy azo nitanana azy akory ny "dossier" ary ny Lehiben'ny Distrika tao Mananjary aza nitory sy nampisambotra azy kanefa efa nisintona ny fitoriany fa mbola nosaziana 6 volana sazy mihantona ihany izy.

Mbola mila ezaka goavana hanafoanana ny fitsaram-bahoaka.

Teo anatrehan'izany, nisy olona tsy meloka akory matimaty foana; izany hoe "règlement de comptes" no hita tao anatin'izany. Raha ny marina, efa nofoanana ny fanamelohana ho faty na ny "peine de mort" teto amintsika tamin'ny taona 2014; na tsy nisy an'io lalàna io aza, tsy tokony ho azo atao ny famonoana olona. Araka ny rafitra misy eto amintsika, ny fitsarana irery no afaka mitsara olona na meloka izy na tsia.

Matetika misy mpanararaotra miaro ny tombotsoany manokana, miafina any ambadiky ny sarintsarim-pitsaram-bahoaka.

Marihana fa anisan'ny sakana goavana amin'ny famongorana ny fitsaram-bahoaka ny kolikoly; hita izany eo amin'ny mpitandrofilaminana sy ny fitsarana, ny mpiambina fonja, ny mpitsara izay mamotsotra ireo olona voasambotry ny Fokonolona, hany ka lasa mamaly faty ireto farany avy eo. Izany hoe, efa tany am-ponja ny mpanao heloka kanefa misy mamoaika ihany.

Ny zon'ny vehivavy ho velona satria miisa eo amin'ny 575 isan-taona no maty noho ny fanalan-jaza. Rehefa voaporofa ara-medikaly ny fanalan-jaza dia nidina ny tahan'izany. Ohatra, tamin'ny andron'Andriamatoa NELSON MANDELA, tao Afrika Atsimo, nidina 92% izany taha izany.

Ny antony, tsy ampy ny fanentanana sy ny sampandraharaha momba ny fanabeazana aizana. Henjana loatra ny lalàna mandrara ny fanalan-jaza izay tsy mifanentana amin'ny fiainan'ny Malagasy ankehitriny satria lalàna Frantsay tamin'ny taona 1810 no mandrara izany. Tsy afaka manatona dokotera tsy miankina satria lafo loatra ny saran'izany; mandeha any amin'ny olona tsy mahay an'izany akory sady manaraka ny fepetra amin'ny fahadiovana.

Eo anatrehan'izany, misy ny vahaolona azo entina, tokony hohainoana ny feon'ny vehivavy sy handinika ny zava-misy ny mpitondra fanjakana, fa tsy ny feon'ny mpitondra na izay afaka manangam-peo ihany no henoina. Tokony hankatoavina ny "protocole à la charte Africaine des Droits de l'Homme et des Peuples relatif aux Droits des Femmes en Afrique", efa voasonia izany saingy mbola tsy nankatoavin'ny Antenimiera roa tonta. Noho izany, mbola tsy azo ampiharina.

Eo andanin'izay rehetra izay, misy ny asa mandavan-taona ataon'ny CNIDH, toy ny fitsidihana ny fonja.

Efa natao hatramin'ny nitsanganan'ny CNIDH izany. Taorian'ny fitsidihana nataon'ny Filohampirenena teny Antanimora dia nanoratra taratasy taminy amin'ny hanamafisana ny hampihenana ny isan'ny voafonja ary handinihana maika ny famotsorana ny vehivavy migadra noho ny nataon'ny vadiny, ny zanany, ny anadahiny. Tsapa tao anatin'izany, ny fitazonana ny vehivavy any am-ponja amin'ny fiandrasana ny vadiny hitolo-batana.

Ao koa ny fandraisana anjara amin'ny asan'ny «Commission de Réforme du Système Pénal», ka teknisiana manoratra volavolan-dalàna no hita ao anatiny. Ohatra, ny lalàna iadiana amin'ny herisetra mianjady amin'ny vehivavy. Natao tamin'ny volana Desambra 2019 izany. Rafitra iray eo anivon'ny fitsarana izany.

Eo ny fanadihadiana natao momba ny fifindra-monina, toy ireo vehivavy miasa any «Koweït» sy any "Liban"; izany hoe avy any atsimo no mianavaratra izany tamin'ny fotoanany. Taloha, ny lehilahy no mandeha mikarama, avy eo mitondra vola miverina izy ireo rehefa mody. Ankehitriny kosa, ny fianakaviana manontolo no miara-mandeha ary mazana tsy miverina intsony. Eo anatrehan'izay, tsy voaomana ny toerana hivantanana, very zo ny ankizy izay tokony hianatra, ny zon'ny lehibe mba ho afaka mifidy, ny zo ara-pahasalamana. Tsy misy toerana voatokana ho azy ireo, ao koa ny tsy fananana karapanondro.

Nandray anjara tamin'ny asan'ny tetikasa ARSSAM na ny "Appui à la Réforme du Secteur de la Sécurité à Madagascar" nataon'ny PNUD ny CNIDH.

Nandray anjara tamin'ny fanaraha-maso ny raharaha «base Toliara» koa ny CNIDH, ka olona miisa 9 no nigadra noho ny fanoherana ny tetikasa izay atahorana hanimba ny fivelomana sy ny tontolo iainan'ny vahoaka manodidina. Nisy ny fivoriana niantsoana ny mpanao gazety sy ny Fiaraha-monim-pirenena izany. Marihana fa efa voatsara izy 9 mianaka ireo amin'izao fotoana izao. Tao anatin'io tetikasa io, saika hafindra toerana ny olona rehetra manodidina ny tetikasa.

Nandray anjara tamin'ny famolavolana sy fanaparitahana ny "Toky Nomena" izahay, indrindra talohan'ny fifidianana Filohampirenena, Solombavambahoaka ary ny Ben'ny

Tanàna, mba hisian'ny fifamatorana eo amin'ny mpifidy sy ny kandidà. Niarahana tamin'ny CFM, HCDDDED, BIANCO, SAMIFIN ary ny Fiaraha-monim-pirenena ROHY izany. Fifanekena eo amin'ny mpifidy sy ny kandidà no natao mba tsy ho sanatria ho fampanantenana poakaty ny ataon'ny kandidà, fa fifanarahana matotra araka ny voalaza teo ambony.

Nandray anjara tamin'ny fanaraha-maso ny fifidianana Solombavambahoaka tamin'ny 27 Mey 2019; tamin'izany voahaja tamin'ny ankapobeny ny zon'ny olompirenena hifidy izay ho solotenany; na tsy tena tomombana aza indraindray noho ny tsy fahaizan'ny mpiandraikitra biraom-pifidianana sasantsasany mampihatra ny fomba tokony harahina.

Nisy ny ezaka natao ka nahitam-bokany. Teo ny fiarovana ny zon'ny mpiasa: raharahan'i "Air Madagasikara".

Mpiasa sindikalista miisa 4 no noroahan'ny orinasa tamin'ny taona 2014. Nahazo rariny teny amin'ny fitsarana saingy tsy nanaiky namerina azy ireo hiasa ny orinasa. Nangonin'ny CNIDH ny antontan-taratasy sy ny lalàna rehetra ilaina. Nalefa tany amin'ny Praiminisitra izay voalazan'ny Lalàmpanorenana, fa misahana ny fampiharana ny didim-pitsarana.

Vokany, tafaverina tamin'ny asany ireo mpiasa miisa 4 mirahalaha.

Tany Moratsiazo, Sambava, nisy olon-tokana nividry tany efa nanorenan'ny Fokonolona trano ary nodorany ireo trano ireo. Nampahafantarina ny vahoaka tamin'ny haino aman-jery ny zava-nisy sady nanaovana tatitra tany amin'ny Praiminisitra.

Vokany, nilatsaka ho mpanelanelana ny MATP, tamin'ny alalan'ny "Domaine" ka ho afaka hividy ny tany ny olona tsirairay.

Tany Manombo, Farafangana, nisy fisamborana sy fitazonana (garde à vue) tsy ara-dalàna, fampijaliana sy fanitsakitsahana ny hasina maha olombelona. Ny Kaomisera voatondro ho nahavita izany dia nafindra toerana. Ny olona notazonina am-ponja vonjimaika amam-bolana noho ny tondro molotra, niandry fitsarana amam-bolana, fa nahazo fahafahana vonjimaika ihany taty aoriana.

Nisy ireo Polisy sasantsasany nihevitra azy ho tsy maty manota. Teo Ampefiloha, Antananarivo, tamin'ny volana Aogositra 2019 no nisehoan'izany. Polisy iray nanapitra ain'ny jiolahy efa naratra sady lavo tamin'ny tany. Natolotra fitsarana izy ary migadra eny Tsiafahy amin'izao fotoana izao. Efa nitaky ny hampiharana ny lalàna amin'ireo mpitandrofilaminana mihoa-pefy ny CNIDH, toy ny tany Antsakabary.

Eo anatrehan'izay, miandry ny fitondram-panjakana mba handray ny andraikiny koa izahay. Ohatra amin'izay ny zavatra misy any Andalatanosy, Ambovombe: nisy olona voalaza fa nangalatr'omby ka nosamborin'ny Zandary ary natao ny fanadihadiana. Hita tao amin'ny biraon'ny Zandray ny fatiny ny ampitson'iny. Misy zavatra tsy mazava tao, izany hoe miray tsikombakomba amin'ny dahalo ny Zandary amin'izay miala maina ny tompon'omby. Misy ambadika ka sarotra ny raharaha. Nalefa any amin'ny SEG ny raharaha taorian'izay.

Tany Tsaratanana, Faritra Betsiboka; nisy lehilahy tao amin'ny fianakaviana iray nanana omby maro sy tany midadasika; nosamborina tsirairay ny olona tany an-toerana ary maty notifirina satria nolazaina fa saika hilefa. Ahiana ho nisy Zandary avy any an-tany andriana voakarama hamono olona satria misy mitsiriritra ny fananan'io olona.

Misy ezaka ataon'ny SEG, nisy Zandary nigadra ary sambany no nisy an'izany. Raha misy avy ivelany mitaraina, tsapa fa malaina hanao fanadihadiana izy ireo.

Mikasika ny raharaha tany Ivohilava, Mananjary; efa maro ny fitarainana nataonay tany amin'ny Zandary sy ny Minisiteran'ny Fitsarana. Mbola mitohy mitrandraka volamena izay tsy ananany fahazoan-dalana akory. Simba ny antom-piveloman'ny olona sy ny tontolo iainan'ny vahoaka. Efa nanoratra tany amin'ny Minisitry ny Atitany sy ny Minisitry Harena an-kibon'ny Tany izahay saingy tsy misy valiny hatreto.

Momba ny raharaha vakitrano tao amin'ny BOA Mahanoro, very tao ny vola ka "agents de sécurité" miisa 2 lahy no nomelohina hiasa an-terivozona mandrapahafatiny, kanefa ny olona hafa rehetra voarohirohy tsy nisy nitranga tamin'ny andro fitsarana. Nangatahan'ny CNIDH « Pourvoi dans l'intérêt de la loi (PIL) » tamin'ny Oktobra 2018. Tsy nisy tohiny izany, hatreto. Nahazo fahafahana vonjimaika daholo ireo olona hafa nahalala ny « code de la coffre fort ».

Ny tao Antsakabary kosa, tranon'olona miisa 400 mahery no nodoran'ireo polisy miisa 40; nisy fampijaliana olona marobe. Tsy nisy tohiny koa izany. Tsy afaka nanao na inona na inona ny olona. Tsapa mbola misy fanitsakitsahana zon'olombelona mamoaafady eto amintsika hatramin'izao.

Eo anatrehan'izay rehetra izay, aiza ho aiza ny CNIDH hatramin'ny niorenany.

Efa manomboka fantatry ny vahoaka ny CNIDH saingy ny andraikiny no tsy mazava aminy. Fitarainana maro no voaray; tsy mahazo rariny any amin'ny fitsarana ny olona; ohatra, ady tany. Heverin'izy ireo fa afaka mandrava didim-pitsarana izahay. Marihana fa ny raharaha efa any amin'ny Polisy tsy idiranay. Misy ny boky fampianarana ny zon'olombelona avoakanay ary tsara ny manamarika fa tsy "bureau d'assistance" koa izahay.

Efa mihatsara ny fifandraisanay amin'ny Governemanta kanefa mila hamafisina; maro ny olona na ny Fokonolona niaritra ny fahavoazana noho ny tandrevaka na kolikoly na herisetra avy amin'ny mpiasam-panjakana.

Mitondra vahaolana anefa izahay dia ny fanamafisana ny fanazavana amin'ny haino aman-jery. Efa nisy fifanarahana nosoniavin'ny ORTM sy ny CNIDH, saingy mila alamina.

Ny tanjona kosa, hisy ny fitaizana ny vahoaka na ny "opinion publique" amin'ny resaka heloka bevava, faizin'ny lalàna ny mamono olona, afa-tsy ny "légitime defense". Ny mpitandrofilamina dia efa nampianarina izany tamin'ny fiofanana nataony saingy misy ny tsy mataho-tody minia manadino izany. Hotohizana sy hamafisina ny fiaraha-miasa amin'ny Governemanta hiadiana amin'ny tsy maty manota (impunité) izay miteraka fijaliana sy tebiteby ho an'ny vahoaka.

Ho an'ny tanjona lavitr'ezaka indray, ezahana ny fananganana tany tan-dalàna, antoky ny fanajana ny zon'olombelona.

Vonona ny hamaly ny fanontaniana izahay raha misy izany; misaotra antsika rehetra naharitra nihaino ny tatitra natao teto androany.

Misaotra indrindra, Ramatoa Filoha.

Taorian'izay, nomen-dRamatoa Filoha, fitenenana ny Solombavambahoaka ary 3 minitra no faharetan'izany.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa RAVELOSON Guillaume Narindrasana, nambarany fa nisy niantefa tamin'ny Solombavambahoaka ny tatitra natao teo; ao anatin'izay sao tokony hojerena ny zon'ireo niharam-boina na ny "droit de victime".

Nisy programa nataon'ny Filohampirenena amin'ny hamoahana ireo olona tsy mbola voatsara ary tsy hita izay vesatra iampangana azy. Manara-maso an'izany ve ianareo sa manao ahoana.

Mikasika ny fifidianana, mandray anjara miaraka amin'ny CENI ve ianareo sa ahoana. Raha ny tsapa mbola vitsy ny mpifidy, aiza ny fanentanana ataonareo manoloana izany. Tsy tokony hanolotra lalàna ve ianareo satria mbola tsy ampy iasana izany ankehitriny.

Nanamarika Andriamatoa ANDRIANAMBININA Djohary Lee, fa eo amin'ny fomba fampiharana ny lalàna, somary maivana izany amin'izao fotoana izao. Tsy misy koa ny fahefana ananan'ny CNIDH, hita mihafy ianareo amin'ny fanaovana ny asa. Raha misy tranga any amin'ny toerana iray, hatraiza ny andraikitra tokony horaisinareo.

Nohamafin'Andriamatoa RAZAFINDRIATSARA Jonhson Anatol, fa mbola tsy ampy tokoa ny fahefan'ny CNIDH araka ny voalazan'ny namana teo. Kely ihany koa ny tetibola entina miasa ka sao izay no antony tsy ahafahana miasa ara-dalàna. Tsy misy ny fidinana ifotony ka mamporisika ny hanaovana izany izahay. Mbola maro koa ny zavatra miandry anareo any amin'ny Distrika, koa mandrisika anareo hatrany amin'ny asa miandry anareo.

Tsy voateny mihitsy ny olona niharam-boina, hoy Andriamatoa RANDRIANASOLO Augustin. Ahoana ny ataonareo manoloana ny fanalan-jaza. Inona no ataonareo hampihenana ny voafonja. Inona no antony idiran'ny CNIDH amin'ny ady tany.

Nanambara, Andriamatoa RABENARY Jean, fa maro ny olona milaza ho mpiaro ny zon'olombelona, ianareo ve no misolotena azy ireo sa tsia. Inona no tantsoroka ataonareo amin'ny fiarovana ny zon'olombelona?

Manao ahoana ny mikasika ireo mpitandrofilaminana matin'ny dahalo; mandray fepetra momba izany ve ianareo?

Nanontany Andriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène fa inona marina no andraikity ny CNIDH. Nambarany fa anisan'ireo olona niharam-boina tamin'ny fanenjehana ara-politika izy; 3 taona sy 4 volana no nigadrany; nilaza ny mpitondra fa homena "indeminité" izy ireo. Tsy fantatra hoe rahoviana sy ohatrinona izany vola izany.

Nanontany Andriamatoa DARKHOUI Siritis hoe iza no solotenan'ny CNIDH any Ambanja. Misy milaza fa mpiaro ny zon'olombelona, kanefa maka vola amin'olona no ataony. Misy ankizy 13 migadra amin'ny zavatra tsy nataony, ahoana no ataonareo manoloana izany.

Nanamafy ny voalazan'ireo namany teo aloha, Ramatoa RAZAIHARIMALALA Harizaka Fiainantsoa, fa tsy ampy ny fahefana ananan'ny CNIDH. Tokony hijoro fa aza mihafy ianareo.

Misy fonja miorina ao Soavinandriana kanefa tsy misy olona voafonja fa alefa any Miarinarivo izy ireo. Tokony hohatsaraina izay toe-javatra izay satria voahitsakitsaka ny zony. Aleo hanakaiky ny Distrika ny fonja.

Ahoana ny fiaraha-miasa momba ny vehivavy sy ny ankizy. Nisy ankizy 12 taona naolan'ny "commandant de brigade" tany Besalampy; tsy hita izay fandehan'ny raharaha ary vonona hijoro vavolombelona amin'izany ny tenako hoy izy namarana ny teniny.

Raha nandray fitenenana Andriamatoa FELICIEN Randrianantenaina dia nanamarika fa tokony hifandray amin'ny Zandary sy Polisy ny CNIDH, mba hialana amin'ny fihainoana feondakolosy tokana.

Voalaza tamin'ny tatitra natao teo fa maro ny fiaraha-miasa ataonareo amin'ny mpitandrofilaminana kanefa tsy voalaza tao ny niharam-boina noho ny asan-dahalo. Ahoana ny amin'izay, toa tsy feno ny asa tokony hosahaninareo satria maro ny fanolanana miseho eto amintsika kanefa toa tsy heno ianareo. Mbola olombelona ve ny olona nahavitra habibiana sa tsia.

Nanamarika Andriamatoa FIAROVANA Lovanirina Celestin fa tsy ampy ny fampahafantarana ny zon'olombelona eto amintsika.

Raha ny fanalan-jaza, misy zavatra manokana ampiasaina, toy ny "thérapeutique"; tsy misy fiantraikany amin'ny fiaraha-monina sy ny fahasalamana ve izany.

Ahoana ny mikasika ny zon'ny mpiasa, 30 taona mbola "journalier" ihany, any Amboasary no ahitana izany, ka ampahafantarina anareo.

Araka ny voalaza teo, mifandray amin'ny Polisy sy ny Minisiteran'ny Fitsarana ianareo, hoy Andriamatoa RAMBOASALAMA Emilien; ahoana ny momba ny "légitime défense". Rehefa manao "opération" ny mpitandrofilaminana, sendra ny fiadiana tsy mitovy; koa aminareo tsy aleo ve mahafaty azy toy izay matiny. Tokony hisy lalàna fanampiny raha izay no jerena.

Aminay, matoa misy ny halatr'omby misy mpividy halatra, hoy Andriamatoa RAKOTORAHALAHY Modeste; tahaka izay koa ny mpanondrana "bois de rose"; misy mividy matoa misy mikapa hazo. Ity farany no gadraina, fa ny mpandray tsy hita hoe iza.

Aiza ho aiza ny sehatra misy anareo amin'izao. Raha izao no jerena, natao ho an'ny madinika ny resaka zo, fa ny vaventy toa tsy miraharaha izany.

Azonareo atao ve ny manome ny laharan'ny findainareo mba hiantsoanay anareo. Misy toerana misy fonja saingy tsy misy voafonja anefa amin'ireo toerana ireo, toy ny ao Mandoto. Alefa any Antsirabe izy ireo kanefa any efa feno loatra. Ahoana ny fijerinareo ny zon'izy ireo.

Nanamarika Andriamatoa FIENENA Richard Désiré amin'ny fiarovana ny zon'olombelona, fa ny vahaolana hitan'ny olona dia ny fitsaram-bahoaka, indraindray aza ny mpitandro filaminana no miteny hoe, aleo tifirina avy hatrany ny olona azo. Aiza ho aiza ny asanareo eo antrehan'izany.

Manjaka ny fanolanana mihatra amin'ireo zaza tsy ampy taona, hoy Ramatoa BAOFENO Micheline; tsapa fa misy olona ambony manao izany kanefa jerena fotsiny. Ampiharo ny fahefana anananareo satria any Mananjary, raha tsy manana 1 Tapitrisa Ariary, tsy afaka mamonjy fitsarana. Inona no tsy ametrahanareo solotena isaky ny Distrika. Araka ny voalaza teo, ny madinika ihany no iharan'ny tsy mety. Ohatra amin'izany, tany Nosy Varika, nisy vehivavy novonoin'ny mpangalatra lavanila, 8 volana monja dia nivoakan'ny fonja. Aiza ianareo amin'izany toe-javatra izany.

Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore indray nanamafy, fa mbola misy eto amintsika ny fitsaram-bahoaka; sosokevitra, tokony hojerena ny "système judiciaire" amin'io lafiny io.

Ahoana ny momba ny fahasalamana satria tsy voahaja ny zon'olombelona amin'io sehatra io. Tsy voajery ny olona marary raha tsy manam-bola.

Tokony harindra miaraka amin'ny "Violence Basée sur les Genres" ny fanalan-jaza mba hitsinjovana ny vehivavy bevohoka tamin'ny alalan'ny fanolanana. Aleo jerena akaiky ny momba izay.

Raha eo amin'ny tetibola, vonona ny hanampy anareo izahay amin'izay mba afaka miasa aradalàna ianareo.

Momba ny hametrahana ny solotenanareo isaky ny Distrika, ilaina izany satria amin'izay hitanareo daholo ny zavatra mikasika ny zon'olombelona.

Taorian'ny fametrahan'ny Solombavambahoaka fanontaniana dia nomen-dRamatoa Filoha ny mpikambana ao amin'ny CNIDH ny fitenenana hamaliany izany.

Nisaotra tamin'ny nanomezana fitenenana azy Ramatoa RABENORO Mireille, Filohan'ny CNIDH, nambarany fa raha ny "loi sur la CNIDH" dia miisa 11 no voalaza ao aminy ka tsy mety itarina intsony.

Eto Antananarivo no foiben'ny CNIDH. Raha misy ny fitarainana atao dia antso an-tariby no hiaingana. Efa amin'iny boky iny ny laharana ahazoana anay.

Ny fitsarana no tena voalaza teto ary tsy afaka mitsabaka amin'izany izahay satria ny kolikoly koa no rangory fototry ny afo. Raha tsy resy izany dia mbola ho tahaka izao ihany isika. Tsara ny manamarika fa nisy boky navoakan'Andriamatoa IMBIKY Anaclet mitondra ny lohateny hoe: "Strategie de lutte contre la corruption dans le système judiciaire". Efa nalefa any amin'ny Filohampirenena ny azy, tahaka izay koa ny an'ny Praiminisitra, asa na efa tonga ny anareo na tsia. Mametraka fanantenana amin'io isika satria io no fomba iray hampandroso antsika.

Raha ny resaka "amnistie", ny CFM no miandraikitra izany fa tsy izahay ato amin'ny CNIDH.

Momba ny "légitime défense", izahay tsy miteny hoe aza miasa ny mpitandro filaminana, tsia, avelao hiasa izy saingy misy ny mihoa-pefy. Ao anatin'izay no anafenany ny ratsy ataony, izany no antony amonoany olona. Nanatrika ny fitsarana an-dRaleva tany Vohilava izahay tamin'ny fotoana nitsarana azy. Nisy zavatra tsy nitombina tao anatin'iny raharaha iny; araka ny voalaza, ny "système judiciaire" mihitsy no olona eto amintsika.

Momba ny raharaha tany Manja, tratra iny olona iny, voatifitra ary maty. Izay no zava-nisy ka atao ahoana.

Fisaorana an-dRamatoa Filoha sy ny rehetra no namaranany ny teniny.

Nisaotra azy koa Ramatoa Filoha ary nilaza fa tokony hanao fampahafantarana azy ny mpikambana ao amin'ny CNIDH izay tonga eto.

Niroso nampahalala ny tenany ireo mpikambana ao amin'ny CNIDH taorian'izay.

Rehefa izany, nomena fitenenana, Andriamatoa RABETOKOTANY Mamy, Filoha Lefitry ny CNIDH ary nambarany fa nitohy ny tatitra hatramin'ny taona 2017, 2018 ary ny taona 2019.

Momba ny fomba fiasa hoe: mijanona amin'ny "interpellation" fotsiny izahay; marina amin'ny ampahany izay, fa amin'ny ankapobeny efa manao tatitra any amin'ny mpitondra izahay. Tao anatin'izany, nisy ny zavatra efa neken'ny mpitondra. Ao anatin'izay, afaka manao "recommandation" ihany koa izahay. Ohatra amin'izany, raha misy olona tsy afaka mifidy satria tsy meloka izy kanefa tazonina any am-ponja. Lasa very zo eo anatrehan'izany. Efa nanaovanay "recommandation" tahaka izany koa ny mikasika ny zon'ireo olona sembana, tokony hampahafantarina bebe kokoa izay.

Momba ny "droit de victime", aleo mandefa taratasy Andriamatoa Solombavambahoaka mba hanarahana azy sady hanaovana "recommandation", tahaka izay ny tany Antsakabary. Ny anay CNIDH, rehefa mikasika ain'olona dia miditra izahay. Eo anatrehan'izay, tokony hisy fiaraha-miasa amintsika roa tonta. Raha nandalo teny amin'ny Antenimierandoholona izahay, nilaza izy ireo hoe, sao misy teritery mahazo anay. Tsy misy an'izany fa tao anaty "cadre légal" no niasanay.

Mikasika ireo solotenanay tokony hapetraka any amin'ny Distrika, tena ilaina izany saingy ny tetibola no tsy ampy, fa aleo mba jerenareo amin'ny tetibola nasiam-panitsiana, taona 2020 izany.

Taorian'izay, nandray fitenenana Andriamatoa SETH Andriamarohasina, Mpampakateny ao amin'ny CNIDH, nomarihany fa efa nisy taratasy nalefa any amin'ny Filohampirenena momba ny "grâce" ho an'ireo olona marefo, ny olona tsy meloka ary ny vehivavy bevohoka.

Miisa 13 no asa napetraky ny fanjakana amin'ny CNIDH, toy ny zon'olombelona, ny lalàna lany andro, ny fampijaliana. Afaka manome tantsoroka amin'izany izahay.

Araka ny voalaza teo, eto Antananarivo no mbola ahitana anay ary hametraka sampana any Distrika izahay, saingy miankina amin'ny tetibola izany.

Momba ny tany Ambositra amin'ny resaka niharam-boina, mbola tsy misy tetibola hanarenana ireo olona ireo. Tsy fanarenana tsotra no hatao fa "à jour" mihitsy. Ohatra, nanomboka ny taona 2017 hatramin'ity taona 2020 ity saingy mbola tsy tonga amin'izany isika amin'izao.

Raha ny tany Antsakabary, nisy Polisy roa maty tao; efa nanao tatitra mikasika izany izahay, amin'ny hanomezana "indemnisation de vicitime" amin'izany. Momba ny tany Morafenobe, efa novalian-dRamatoa Filoha angamba iny.

Mikasika ireo fitarainana voaray, anjaranay no mijery an'izay sady hanao tatitra ihany koa. Tsy mpitsara izahay CNIDH, fa fitaovana hiala amin'ny kely tsy mba mamindro no ataontsika. Fantatra fa efa mametraka rafitra hiadiana amin'ny fanitsakitsahana ny zon'olombelona ny Filohampirenena sy ny Praiminisitra amin'izao fotoana izao.

Taorian'izay, Ramatoa MATAVIMANA Ravao Georigine, mbola mpikambana ao amin'ny CNIDH no nandray fitenenana. Nambarany fa miara-miasa amin'ny fonja izy ireo. Betsaka ny fonja no antitra sy efa feno ankoatra ny ao Vangaindrano izay vao nosokafana.

Tsapa koa fa maro ny voafonja tsy mbola voatsara tahaka ny any Miarinarivo sy Sambava. Ny ao Antanimora kosa miisa 2 205 no tsy voatsara, ao anatin'ireo ahitana ny "appellant" miisa 55, "condamnés" miisa 1 506. Efa misy ezaka ataon'ny fanjakana eo anatrehan'io toe-javatra io. Efa nilaza koa izahay, fa ireo olona tsy manana vesatra no tokony havoakan'ny fonja. Ohatra ao Farafangana, nisy olona voarohirohy namono olona kanefa tsy nanao an'izay akory. Izahay no nanao an'izay ary niteny tamin'ny "Procureur" mba hijery ny "dossier" nitsarana azy ireo.

Mikasika ny dina, nisy nilaza hoe maninona ny CNIDH no miaro dahalo, fa tsy ny mpitandrofilaminana no atao an'izany. Tsy mety izany, fa samy arovana avokoa. Ny "déclaration universelle de droit de l'homme" no miteny amin'izany fiarovana ny zo izany. Tsy anararaotana ny hanaovana ratsy izany. Tsy anjarantsika ny hitsara hoe raha nisy dahalo tratra avy hatrany dia hovonoina. Ialana koa ny fanaovana tondro molotra; ny antony tokony hitandrina isika amin'ny fanaovana fitsaram-bahoaka.

Raha miresaka ny fanolanan-jaza, misokatra ny varavarany ary izay tratra manolana tsy maintsy iharan'ny lalàna sady tsy misy hoe ambony sy ambany.

Taorian'izay, niverina nandray fitenenana, Ramatoa RABENORO Mireille, Filohan'ny CNIDH, nambarany fa miangavy ny Solombavambahoakan'i Soavinandriana sy Mandoto mba handefa taratasy amin'ny resaka natao mba hitadiavana vahaolana momba ny fonja feno.

Mikasika ny fonja any Sambava, 21 ihany no isan'ny gadra ao, any Antalaha indray nangataka ny handefasana gadra any Sambava. Tsy nanaiky an'izany anefa ny tomponandraikitra.

Rehefa izany, nomen-dRamatoa Filoha, fitenenana indray ny Solombavambahoaka.

Nanambara, Andriamatoa PEPIN MICHOU, fa mbola olona ve sa biby ireo jiolahy mamono olona, manolana vehivavy. Fihetsika feno habibiana no ataony ka inona no sazy sahaza azy ireo amin'izany fihetsika izany.

Nanao satroka Andriamatoa FELICIEN Randrianantenaina ary nomena fitenenana; nambarany tamin'izany fa raha mahafaty olona ny dahalo, tsy tokony harovana. Nanao heloka izy ka tsy tokony harovana. Mendrika ny hahazo ny sazy sahaza azy izy ireo raha ny marina.

Mbola nomena fitenenana tamin'ny satroka nataony Andriamatoa DINAH Romual, nilaza izy fa tsy nisy valiny ny taratasy nalefa tany amin'ny CNIDH, izay no fanamarihana ataon'ny olona, valio na marina izany na tsia.

Raha ny fitsaram-bahoaka, tsy te-hanao izany ny olona saingy hitany fa misy olona nanao tandrevaka tamin'ny asany dia lasa nitranga ny fitsaram-bahoaka. Tena mitaraina ny vahoaka saingy tsy misy mihaino.

Rehefa izany, nangataka fitenenana Andriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène, nilaza fa mila fanampiana ny CNIDH amin'ny asa tokony hataony, ka inona no antony tsy itenenany an'izany. Aza manetry tena be loatra ianareo, fa mitenena amin'izay fantatray izay hataonay hanampiana anareo. Manaova tahaka ny BIANCO, miteny izy na ho any na tsia satria sarotra ny asa toy ny fitandroana ny zon'olombelona izay iandraiketanareo.

Nilaza kosa Andriamatoa RAKOTOMANJATO Rodin Edmond Georges, fa malahelo ny CNIDH manoloana ny zavatra iainany. Sehatra iraisam-pirenena no misy anareo kanefa tsapa fa tsy ampy ny vola ampiasaina. Maninona no tsy gadraina ny olona tratra amin'izao fihibohana izao. Tokony ho afaka mandeha mitety Faritra ianareo fa aza mionona amin'izao. Fakafakao ny zava-misy mba ahafahanareo miasa sy milaza ny zavatra mahazo ny vahoaka.

Rehefa izany, nomen-dRamatoa Filoha, fitenenana ny Filohan'ny Vaomiera Mahaleotena Miaro ny Zon'olombelona.

Nilaza Ramatoa RABENORO Mireille, Filohan'ny CNIDH, fa tsy manan-kolazaina intsony satria efa maro izay voateny teo. Nambarany fa hiara-hiasa ny roa tonta amin'ny fiarovana ny zon'olombelona.

Hiezaka ny hanao ny tatitra any amin'ny ambaratonga tokony hanaovana izany izy ireo. Fisaorana an-dRamatoa Filoha sy ny Solombavambahoaka no namaranany ny teniny.

Nisaotra azy koa Ramatoa Filoha, tamin'ny famaliana ny hetahetan'ny Solombavambahoaka tamin'ireo fanontaniana sy fanamarihana napetrany. Nambarany fa izy ireo no miaina eny anivon'ny vahoaka, indrindra ireo olona azo lazaina hoe marefo na madinika. Nisy ny lalàna nampijoroana ny CNIDH, ny lalàna laharana faha-2014-007 izany; afaka mifameno ny andraikitra misy eo amin'ny roa tonta dia ny fahampafantaran'ny CNIDH ny asany amin'ny olom-boafidy sy ny fampahafantaran'ny Solombavambahoaka ny fisian'ny CNIDH sy ny andraikitra tazoniny eto amintsika. Vonona ny hiara-hiasa amin'izy ireo koa ny Antenimierampirenena, hoy Ramatoa Filoha sady hampihatra ny tany tan-dalàna ihany koa. Nampahery azy ireo amin'ny adidy miandry azy koa ny tenany.

Zavatra telo no tsapa fa nivoitra tamin'ny fihaonana teto, tao ny fahafenoan'ny fonja, ny fitsaram-bahoaka ary ny zon'ny vehivavy izay tokony hanatrarana ny tanjona hoe: "zero mortalité" eo ampiterahana.

Fisaorana ny rehetra no namaranan-dRamatoa Filoha ny fitenenany.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka ny tenany dia ny hisian'ny fivorian'ny "Commission de Finances" sy ny "Commissions d'Evaluation des Politiques Publiques" handinika ny volavolan-dalàna laharana faha-009/2020 mikasika ny Tetibolam-panjakana nasiam-panitsiana, taona 2020; izany dia hatao rahampitso amin'ny 9 ora, maraina sy amin'ny 3 ora, tolak'andro.

Amin'ny 10 ora, maraina, fivorian'ny Birao Maharitra ary aorian'izay, fivorian'ny "Conférences des Présidents"; amin'ny 3 ora sy 30 minitra, tolak'andro, fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra momba ny fandaharam-potoana vokatry ny fivorian'ny "Conférence des Présidents".

Nanentana ny Solombavambahoaka mba havitrika hamonjy izany fivoriana izany koa izy.

Niato tamin'ny 2 ora sy 10 minitra, tolak'andro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona